# Ilay Voa Tsara Nafafy 23 Febroary 2020

**Maria … nipetraka teo anilan'ny tongotry ny Tompo ka nihaino ny teniny. Fa Marta sahirana tamin'ny fanompoana be…**
**Ny Tompo namaly ka nanao taminy hoe : Marta, Marta, maro ahina sy maro herehina ianao ; nefa zavatra iray loha no ilaina ; fa Maria no efa nifidy ny anjara tsara, izay tsy halaina aminy.** Lioka 10. 39-42

### Ary raha mba mipetraka moa ianao…

Androany dia mandray vahiny manan-kaja i Marta : tonga hisakafo ao aminy Jesosy. Mikarakara etsy sy eroa izy, mivezivezy eran'ny trano. Fa Maria rahavaviny kosa dia tsy mba nihetsiketsika be tahaka azy. Nipetraka teo an-tongotr'i Jesosy izy, liana nihaino Azy. Koa sorena i Marta : Jesosy ve tsy mba afaka miteny an'i Maria hanampy azy ? Tsara hosaintsainina ny teny navalin'i Jesosy : „Maro ahìna sy maro herehina ianao… fa Maria no efa nifidy *ny anjara tsara*".

Tsy ny asa ataon'i Marta tsy akory no anomezan'ny Tompo tsiny azy, fa ny fanahiana sy ny adin-tsaina aterak'izany. Variana amin'ny zavatra ataony izy, ka manjary tsy mahita ny tena zava-dehibe. Maria kosa nahatakatra fa rehefa miteny Jesosy, dia ny mihaino Azy no laharam-pahamehana voalohany indrindra ! Any aoriana izy dia hanatanteraka ny anjara fanompoany, ary hahazo fankasitrahana feno avy amin'ny Tompo.

Hafatra tena mivaingana no raketin'io tantara io. Manao ahoana ny fihainontsika, rehefa miteny amintsika Andriamanitra ? Zara raha mba mihaino Azy ve isika, sady manohy ihany ny asa aman-draharahantsika ? Maimaika fotsiny ve isika no mamaky Baiboly, ao anaty tabataba, na manaiky ho voahelingelina tsy tapaka amin'ireo hafatra sy antso tonga ao amin'ny findaintsika ? Iza no sahy hihaino ny lehibeny amin'ny sofina an'ila sady manao zavatra hafa ? Ilay Andriamanitsika ve tsy mendrika ny tena hohenoina tsara am-pilaminana sy am-pitandremana ? Tsy ahitana tombontsoa ve ny mihaino tsara ny hafatra omeny ?

Ndao haka fotoana hiatoana, hipetraka sy hanidy varavarana araka izay azo atao, mba tsy ho voahelingelin'ny tontolo manodidina, izay sarotsarotiny sy tsy ahitam-pitsaharana. Izany no „anjara tsara" tokony hokatsahina amin'ny fomba rehetra, isanandro isanandro !